

10 jolay 2010.
28 Tamouz 5770.

Eo ambany fijerin'ny Tompo.

«*Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao aho, hitsinjo anao ny masoko ka hanolon-tsaina anao Aho.*» (Salamo 32:8)

Ny Tompo no miteny eo amin'io andininy io sy ny manaraka koa. Ao amin'ny andininy faha 9 dia hoy Izy: «*Aza manahaka ny soavaly na ny ampondra tsy manantsaina, vy sy lamboridy no haingo hihazonana azy, fa tsy mety manakaiky anao izy* ». Tao anatin'ilay fotoana nanaovan'i Davida mpanjaka ilay fahotàna lehibe tamin'i Batséba

no nanoratany io salamo io. Nandritra ny herintaona mahery dia navesatra taminy ny fahotàny, nampijaly azyny helony ka hoy izy: « *mihalàny ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva, fa efa navesatra tamiko andro aman'alina ny tanànao, niova ny fahatanjahako toy ny azon'ny fahamainana amin'ny lohataona* » (andininy faha5)

Rehefa namitram-pihavanana tamin'Andriamanitra Davida vao nahatsapa fahasitranana ny fanahiny, ary raha ny sitrapony dia nataony mialoha izany. Ny tenin'ny Tompo no notsongainy raha ny marina; te hihevitra ny momba antsika Andriamanitra; te hanolon-tsaina antsika Izy raha mihaino azy isika. Raha eo akaikiny isika dia vitsy foana ny fotopoto-pitsipika ilaina hihazonana antsika eo amin'ny làlan'ny fahitsiana. Amin'ny maha olona antsika dia tonga dia fantan-tsika raha nanota isika na nanao izay mahafaly ny Tompo. Tiany raha afaka misafidy malalaka mandrakariva isika. Toy izany no namoronana ny olona. Tsy mitovy mihitsy amin'ny ampondra izay voatery hizotra amin'ny làlana iray isika.

Eo ampitomboana ny zaza dia manohitra ny fitsipi-pifehezana satria manohina ny hambo-pony izany. Tamin'ny fony kely dia tsy toy izany no fihetsiny manoloana ny fanasaziana; mitady antoka ny fitiavan'ny ray amandreniny izy avy eo ary lasa mahate ho tia . Aty aoriana dia tsapany fa ny fitsipika dia tsy zava-maivamaivana akory. Maso mijery tsotra avy amin'i Dada na avy amin'i Neny fotsiny sisa dia ampy hampatsiahivana azy ny lalan-kizorana. Azony avy hatrany raha ekena na tsia ny zavatra ataony.

Tsy tompoin'ny masinina Andriamanitra. Raha tena marina ny fihetsempon-tsika Aminy, raha mampiifantoka ny masontsika eo Aminy isika dia hahatsapa fahalalahana eo amin'ny sitrapony. Nofaranan'i Davida ny salamony izay -hilazany aloha ny fahoriany sy ny fijaliany noho ny fahotàny -amin'izao teny izao: «*Mifalia ao amin'i Jéhovah ary ravoravao ianareo olo-marina ary mihobia hianareo mahitsy fo rehetra,* » ! Mariho fa ny fahasambarantsika dia miankina amin'ny fihetsiki-tsika eo anatrehan'Andriamanitra ihany.

Raymond H. Woolsey *Joy in the morning.*

